a 15/10/25
Sce PV
✓
CRA n°51EX
ELECTION PAN

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA**

**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY**
**TAONA 2025**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

**LAHARANA FAHA-51EX**

## FIFIDIANANA NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA

Fivoriana Fahatelo
Natao ny
Alarobia 15 Oktobra 2025
- Hariva -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA :** Andriamatoa JAOZANDRY René,

**MPITANTSORATRA :** Andriamatoa RANDRIATAHIANARIMALALA Livasoa Moratiavina

**FOTOANA :** Alarobia 15 Oktobra 2025 tamin'ny 5 ora sy 50 minitra, hariva.

**FANDAHARAM-POTOANA :** Fifidianana izay ho Filohan'ny Antenimierampirenena.

Nitohy ny Alarobia 15 Oktobra 2025 tamin'ny 5 ora sy 50 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa JAOZANDRY René, no nitarika izany.

Marihana fa teny ampanombohana dia Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry no saika hitarika izany kanefa noho ny maha kandidà azy dia tsy afaka nanao izany ny tenany.

Rehefa izany, nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomena fitenenana.

Raha ny tokony ho izy dia zokiolona sy ny zandry olona nomitarika rehefa hifidy Filohan'ny Antenimierampirenena, tahaka izao hoy Andriamatoa MAMANGY Norbert.
Nanamafy izany koa Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, mba hisian'ny tsy fitanilàna.

Rehefa izany, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa hiroso amin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka ary nomarihany fa ny andininy faha-15 andalana faha-2 sy faha-3 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no harahina amin'izao fifidianana izao.

Nambarany koa fa miisa roa (2) ny Solombavambahoaka nametraka izany filatsaha-kofidiana izany dia Andriamatoa isany : - AHMAD Ahmad voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mitsinjo
- RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry voafidy tao amin'ny Distrikan'i Toliara I

Rehefa izany, nambaran' Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa alohan'ny hirosoana amin'ny latsabato, omena 5 minitra avy ny kandidà na izay solotenany hanao ny fampielazan-kevitra momba azy ireo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa AHMAD Ahmad, fisintonana ny filatsahan-kofidiany no nasongadina ary nisaotra ny mpanolotra tamin'izany toerana izany koa ny tenany.
Nitsodrano an'Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry no nataony mba hahavita be amin'ny asa hosahaniny, taorian'izay.

Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina kosa nonanolotra an'Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry, nisongadina tamin'izany no nanambarany fa efa Filoha Lefitra ny kandidà atolotra ary vonona ny hihainony hetahetan'ny reheta sady hampiakatra koa ny hasin'ny Antenimierampirenena ary hampanjaka ny tsy fitanilàna sy ny demokarasia.

Nisaorany koa Andriamatoa AHMAD Ahmad tamin'ny fanapahan-kevitra noraisiny satria olona mahay mifanaja ny ato an-dapa.

Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyachinthe fa saika hifidy an'Andriamatoa AHMAD Ahmad ny tenany fa noho ny fandaminana dia hifidy an'Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry ihany ny tenany.

Andriamatoa NAKANY Charlie Zafimagnely kosa nanambara fa tokony harovana ny Solombavambahoaka voafidy ao amin'ny Boriborintany faha IV satria misy mikasa hisambotra.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fifidianana ny mpivory.

Araka ny fomba fanao, biltà tokana no ampiasaina, miroso tsirairay eny anoloana ny Solombavambahoaka sady manonona ny anrany no sady mandatsabato.

Rehefa izany, niangavy Solombavambahoaka miisa 4 Andriamatoa Mpitarika fivoriana mba hanara-maso ny latsabato, ka ireto avy izany, Andriamatoa isany :

- - RAFIDIMANANA Narson
- - MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa
- - MAMIHAJA Charlot
- - ANDRIAMAMERIARIVO Déo Romelis

Toy izao no vokatry ny fifidianana :

- Isan'ny mpandatsabato: 104

- Vato azon'Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry : 94

- Vato fotsy : 04

- Vato maty : 06

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa lany ho Filohan'ny Antenimierampirenena Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry.

Rehefa izany, niangaviany hamonjy ny toerany amin'ny maha Filoha azy ny Filoha vaovao.

Fisaorana ny rehetra tamin'ny nahavoafidy ny tenany ho Filohan'ny Antenimierampirenena no nataon'Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry, taorian'izay ary nanambara fa tokony hampiseho firasian-kina ny rehetra amin'ny famerenana ny hasin'ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nisaotra ny rehetra ny tenany ary nanambara fa handray ny solotenan'ny « Gén Z » indray aloha ny mpivory.

Tamin'ny 6 ora sy 50 minitra, hariva no nandray ny toerany ny Filohan'ny Antenimierampirenena.

**Ny Solombavambahoaka ZOKIOLONA** **JAOZANDRY René**

**Ny Solombavambahoaka ZANDRIOLONA** **RANDRIATAHIANARIMALALA Livasoa Moratiavina**